Ny Valosoa sy Fakafaka 2

**Mandrovi-tsihy sisa ny ekipan'i Andry Rajoelina**

Ny Valosoa sy Hadihady 3

**Toa fanjakana manao lohamboto no misy eto**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 14 oktobra 2023 Laharana 1483 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Facebook** 3

Tsy ekena intsony ny fiverenan-dRajoelina hampahantra 5 taona indray

**Vondron'ireo kandidà 11** 2

## Toerana miisa 7 no hiaingan'ny Diabe anio



**Rina Randriamasinoro** 2

## Afaka fa araha-maso ara-pitsarana



**Ekipan'ny depiote Raholdina** 2

## Nidaroka sy nangalatra telefônina mpanao gazety



**Antenimierandoholona** 3

## Amboletra no nametrahana ny jeneraly Ravalomanana ho filohany



**Manaratsandry faritra Boeny** 6

Zandary iray lavo tamin'ny fifandonana tamin'ny dahalo

**Filoha vaovaon'ny FMF** 6

Ho fantatra anio ny handimby an'i Arizaka Rabekoto Raoul

**Daka kely**



Mapme araka ny tenin'ny bandibandy lesy ialahy ry Boaikely a !

VONDRON'IREO KANDIDÀ 11

# Toerana miisa 7 no hiaingan'ny Diabe anio

Toerana miisa 7 no hiaingan'ny Diabe hataon'ny vondron'ireo kandidà 11 anio sabotsy 14 oktobra. Ny voalohany eo amin'ny kianja Barea Mahamasina ho an'ireo olona avy any Atsimondrano, Tanjombato, Tsimbazaza, Anosibe, Ampefiloha,… Ny faharoa miainga eo amin'ny rond point Ampasika: ny avy any Itaosy, 67 ha, Andohatapenaka,… NY faha-3, miainga eo amin'ny rond point Ankazomanga ho an'ny avy any Ankazomanga, Ambohimanarina, Ivato, Antanimena,… Ny faha-4, miainga avy ao amin'ny rond point Anjanahary ho an'ny avy any amin'ny Anjanahary, Analamahitsy, Avaradrano,… Ny faha-5, miainga eo amin'ny rond point Ampasampito ho an'ny avy any Ampasampito, Ambohimirary, Ambohimangakely,… Ny faha-6, miainga avy eo amin'ny Pont Behoririka ambony ho an'ny avy any Andravoahangy, Ankaditapaka, Ampandrana,… Ary ny faha-7, miainga eo amin'ny Route Circulaire (4 chemins), ho an'ny avy any Ankatso, Ambanidia, Ambohipo,… Hisy mpitarika avokoa ny avy amin'ireo toerana ireo. Fa ho an'ny omaly, marobe ihany koa ireo mpanara-dia ireo kandidà 11 teny Ampasampito sy Anjanahary, sy ny manodidina iny. Tany amin'iny Boriboritany faha-5 iny indray, ireo kandidà no nanao Diabe am-pilaminana. Nanamafy ny fitakiana ataony dia ny hanaovana fifidianana madio sy mangarahara, ny fanovana ny governemanta izay hita fa mitanila, ny fanoloana ny HCC ho CES ary ny fijerena ihany koa ny mahakasika ny CENI, na ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana. Miha-mitombo hatrany koa ny mpanara-dia ny hetsik'ireo kandidà mandritra izany hetsika am-pilaminana izany. heverina fa tena marobe tokoa no ho tonga anio, satria andro tsy fiasana ny anio sabotsy, ka ho tonga maro ireo tsy afaka fa mbola miasa amin'ny andavanandro.



*Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà 11, tao amin'ny Boriboritany faha-5 omaly.*

**Isambilo**

Rina Randriamasinoro

# Afaka fa araha-maso ara-pitsarana

Omaly no niakatra teny amin'ny fampanoavana ao amin'ny Lapan'ny Fitsarana Anosy ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro rehefa notazonina nandritra ny 12 andro, teny amin'ny zandary teny Fiadanana. Teo Andohana'Analakely izy no nosamborina zandary misaro-tava nandritra ny hetsiky ny kandidà 11 tamin'ny herinandro lasa teo. Izy tsy nanampo na inona na inona iny, fa nipetraka soa aman-tsara no nosamborina sy natositosik'ireo zandary misaron-tava. Tao aorian'ny fihainoana azy sy ny mpisolovava tao amin'ny fampanoavana omaly, noafahana i Rina, saingy araha-maso ara-pitsarana araka ny didy nivoaka tao. Ny voalaza fa niampangana azy dia fitarihana olona tsy nahazoana alalana, fanohintohinana ny filaminam-bahoaka, mbola maneho indray ny jadona ataon'ny fitondrana misy ankehitriny.

**Stefa**



*Teto no nosamborina i Rina, ary niverina naka sary teo izy omaly rehefa nivoaka teny amin'ny Fitsarana.*

Ekipan'ny depiote Raholdina

# Nidaroka sy nangalatra telefônina mpanao gazety

Nanao ny nataony indray, ny ekipan'ny depiote Naivo Raholdina omaly teny Ampasampito ao amin'ny Boriboritany faha-5, nidaroka sy nangalatra telefônina mpanao gazety ny vehivavy iray mpiara-dia aminy. Noho izay antony izay, nanao fanambarana sy fitarainana ilay mpanao gazety niharan'izany halatra sy herisetra izany dia ny mpanao gazety Toky Rafalimanana ao amin'ny gazety Tia Tanindrazana:" izaho Toky Rafalimanana, mpanao gazetin'ny Tia Tanindrazana sy Top Radio dia mampahafantatra ny besinimaro, fa nalain'ireo andian'olona mpiara-dia amin'ny Depiote Naivo Raholdina ankeriny ny findaiko androany tokony ho tamin'ny 10:15 raha nanao ny asako andavanandro teo amin'ny Météo Ampasampito amin'ny maha mpanao gazety. Raha nijorojoro niandry ny zavamisy, no nipoitra tampoka ireo andian'olona notarihin'io depiote io no nirohotra nipoitra avy any, ka nidaroka ireo andian'olon-kafa heveriny ho mpanara-dia ny kandida 11, ka iny saika hampiasa ny finday hampitana mivantana sy hiraketana ny zava-misy iny no nokapohana hilatsaka ny findaiko ary nentiny nitsoaka. Tsy ny findaiko irery fa nisy an'olon-tsotra ihany koa lasan'izy ireo. Tadidiko ny olona nanao izany, ary rehefa nanatona ilay depiote mpitarika dia hoe: miandrasa fa haverina iny. Rehefa niangavy an'ilay olona nanao ny herisetra naka an-keriny ny finday dia hoe: i Deba ihany no mamerina an'iny. Marihiko fa asako no nataoko, ary niambozona ny karatra maha mpanao gazety aho no niharan'izany herisetra izany. Tsy nihetsika teo amin'ny toerako fa tao anatin'ny fahatongavan'izy ireo, fa ireo olona ireo no nirohotra avy hatrany nidaroka an'izay sendra azy teo, ka tao anatin'izany ihany koa no nakana an-keriny ny findaiko. Zavatra saropady ary iankinan'ny asako sy ny fiainako no ao anatin'izany, tsy manan-jo na iray minitra aza ireo andian'olona ireo hitazona an-keriny ny findaiko, koa takiako ny hamerenana tsy misy hatak'andro ny findaiko, ary miantso ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny hijery izao zavatra izao. Tsy afaka mifandray amin'iza na iza afatsy eto amin'ny Facebook aho hatreto, ary ny findaiko izay nalaina an-keriny dia iankinan'ny ain'ny orinasa fanaovan-gazety izay iasako ihany koa. Melohiko ny herisetra, takiako ny hamerenana tsy misy hatak'andro ny fananako.



*Io mitampina maso io ny olona naka ny findain'ny namana mpanao gazety Toky Rafalimanana.*

**Niaina**

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Mandrovi-tsihy sisa ny ekipan'i Andry Rajoelina

Mafana dia mafana ny raharaham-pirenena ankehitriny, ary maneho mazava izany fa ao anaty krizy tanteraka ny firenena. Tsy tokony ho tonga amin'izany anefa raha manana fahaiza-mihaino hatramin'izay ny mihazom-pahefana rehetra, ary tsy ninia nanampin-tsofina sy niziriziry amin'ny heviny. Dia iaraha-mahita tsara izao izany tranga izany. « Hatramin'ny noheverina ho manam-panahy ity no maneho miharihary fa tsy manana izany », raha araka ny fanehoan-kevitry ny olom-pirenena. Ny fahitany ny zava-nitranga teny amin'ny Antenimierandoholona no nahatonga izany fiheverana izany. Nisy aza nilaza, fa ilay teny isalorany "Loholona" mihitsy no tsy hainy ny dikany amin'ny toe-tsaina maha malagasy. Miharihary indray koa izany ny fanosihosena, tsy ilay andrim-panjakana fotsiny ihany izay misy azy, fa ny anarana isalorany ihany koa. Nabotetaka sy nohitsakitsahina amin'ny tany ny sary ataon'izy ireo io andrim-panjakana io ary noverezinkasina, ary ny olon-dRajjoelina ihany no tena hita hatramin'izay manao izany.

Mafy tokoa ny miharo seza sy tombontsoa manokana nigohana hatramin'izay mbamin'ny volabe nilomanosana ihany koa, hany ka manao ny tsy fanao rehetra sy mamohehitra rehetra izao. Amin'ny fijery iray aza, dia tena fanomezana leson-dratsy ny taranaka any aoriana mihitsy izao ataon'izy ireo izao satria miharihary ny fanitsahana ny lalana sy ny fitondrana ny firenena mankany amin'ny tany tsy tan-dalàna sy fanosihosena ny Lalampanorenana. Fanapotehana ny firenena tsotra izao izany ka mendrika hohelohina.

Fijery hafa ihany koa miainga avy amin'ny fahitana ny ataon-dRajoelina sy ireo mpanara-dia azy, fa mandrovi-tsihy izy ireo sisa, satria miha tery ny lalany. Izay no anton'ny amboletra natao tena Anosikely ny alakamisy teo. Efa miseho ihany koa ny fandranitana sy fihantsiana samihafa atao amin'ireo mpanao fihetsiketsehana mitaky ny fampiharana ny lalàna sy tsy ny tsy fanekena ny hirotsahan'i Andry Rajoelina kandidà mizaka ny zom-pirenena frantsay. Ity farany izay mikiribiby manao fampielezan-kevitra mipoapoaka hatrany na dia tsy misy ary tsy hisy hifaninana aminy aza eo. Hoan'ny mpamakafaka dia karazany fampielezan-kevitra fanaovam-beloma ihany ireny ka tsy atao mahataitra akory.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Iaviantsoa R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Toa fanjakana manao lohamboto no misy eto

Raha ny fihetsiky ny mpomba an'i Andry Nirina Rajoelina sy izy tenany mihitsy dia fanjakana jiolahimboto na manao lohamboto no misy eto Madagasikara. Tsy vitan'ny mpanitsakitsaka ny Lalàmpanorenana sy ireo Lalàna fototra ary ireo Lalàna manankery fa tena mpanongam-panjakana ihany koa. Lalovana fohy ny tamin'ny 2009 momba ny fandrobana sy fandorana fananan'olona sy fananam-bahoaka ny alatsinainy mainty, tafiditra tao anatin'izany ny Magro rehetra teto an-drenivohitra sy ny magazay teny Ankorondrano ary ny radiom-pirenena, nitsodrano ireny Andry Nirina Rajoelina. Mboa manaporofo ny maha jiolahimboto ihany koa ny fitsofan-drano ny praiminisitra notendrena teny an-dàlambe nananika ny Lapam-panjakana Ambohitsorohitra ka nanaovana sorona olona marobe. Mbola manaporofo izany toe-tsaina tsy mendrika olona noheverina fa ray amandreny eto amin'ny Firenena izany ny fihantsiana nataon'i Andry Nirina Rajoelina tany Toliara ka nilaza fa tompondaka foana izy teo amin'ny haiady ary izay rehetra mpikatroka tokony nifanandrina rehefa naheno ny anarany fotsiny dia « mi-pipi am-pataloha ». Nandritra izao fitondrana Repoblika IV-2 izao dia tsy tambo isaina intsony ny fandikan-dalàna nantaon'ireo andrim-panjakana misy toy ny Fitsarana izay tsapa fa tsy Fehefana mahaleotena ka tsy azo ekena ny fanndraisana baiko na avy amin'iza na amin'iza. Tsy lazaina itsony ny fanindrian'ny fahefana mpanatanteraka ny Fahefana mpano lalàna niverimberina ka hatramin'ny fitsipaham-pitokisana nosoniavin'ny solombavam-bahoaka 105 avy no namingavingan'i Andry Nirina Rajoelina ny filohan'ity Andrim-panjakana ity ka dia napirimina any anaty vata sarihana izany. Afa baraka tanteraka ity Andrim-panjakana ity tamin'iny fotoana iny ary mbola nitohy izany rehefa tsy nanolotra Lalàna mifehy ny Tetibola nasiam-panitsiana (LFR) tamin'ny fivoriana farany satria dia mivoaka tsy mifanaraka amin'ny lalàna ny fandaniana ataon'ny governemanta. Amin'izao fanomanana ny fifidianana Filoham-pirenena izao dia manitsaka ny Lalàmpanorenena hatramin'ny Andrim-panjakana miaro izany dia ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) satria nanaiky nandray ny atontan-taratasim-pilatsahan'i Andry Nirina Rajoelina na dia tsy mizaka ny zom-pirenena malagasy intsony aza izy. Ny vava navoakany ihany koa dia nampiseho fa jiolahimboto izy satria tsy misy afaka manala ny maha malagasy azy, hono, ary efa miroso manao propagandy. Na teo aza ny fitoriana nataon'ny vondron'ny Kandidà 11 tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia nolavin'ity andrim-panjakana izany. Mbola afa-baraka ihany koa ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana satria ny lalàna ihany no tsy maintsy hamoahana didy ka tsy azo hadika amin'izay itiavana azy. Nanongam-panjakana an-kolaka ny governemanta ary neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ihany koa izany izay midika ho famadihaa Tanindrazana sy tsy fananan'ity Andrimpanjakana ity ny maha izy azy fa mbola baikon'ny filohan'ny Repoblika efa nametra-pialana. Nampiseho ny maha mpanjanaka azy i Andry Nirina Rajoelina raha niteniteny foana niantsy ny kandidà 11 ka nanao tononkalo nilaza fa « Bruce Lee , hono, izy ka aza manatona azy fa sao mipitika ery ». Tsapa tamin'ity tranga ity sy tamin'ny fanaovany kajy fa toy ireny ankizy kely any amin'ny ambaratonga fototra ity kandidà ity ka tsy misy fahamatorana eo aminy. Taty Madagasikara indray ny mason'izao tontolo izao satria vazaha no misisika hitantana an'i Madagasikara indray mandritra ny dimy taona. Voaporofo androany koa fa jiolahimboto hatramin'ny loholona raha nametraka ny jeneraly bomba ho eo amin'ny toeran'ny filohan'ny Antenimieran-doholona izay tsy ara-dalàna ny nametrahana samboady taminy no tsy nisy famindram-pahefana ihany koa teo aminy sy ny Filohan'ity Andrim-panjakana ity izay tsy ara-dalàna koa ny nanoganana azy teo amin'izany toerana izany. Hita teny amin'ny hetsika nataon'ny Vondron'ny kandidà 11 ihany koa fa nisy depiote, voafidy tao amin'ny boribory faha-5, nanala baraka tena ka nitondra andian'olona namporisihany nanakorontana sy nandroba ireo mpanohana ny kandidà 11teny Ampasampito. Rehefa tombanana ny lalana nodiavin'ny fitondran Andry Nirina Rajoelina nandritra ny dimy taona dia tsy tambo isaina intsony ny fahafaham-baraka ka miverina indray ilay mpamari-toetra nomen'ny vondrona iraisam-pirenena azy hoe « sans qualité », noho izany tsy azo ekena ny mbola hiverenany eo amin'ny fitondrana.

***Andry Tsiavalona***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Tsy ekena intsony ny fiverenan-dRajoelina hampahantra 5 taona indray




**Vonifanja Manitraritsimba Rakotondrahiratra :** MATOTRA BE ny hafatro: ialako tsiny @zay mety ho voatohina fa efa samy lehibe isika, mino aho fa mahay manavaka ny tsara sy ratsy, ny marina sy diso, ny handetika sy ny hampivoatra.
Koa manomboka eto kosa aloha, Samia ho tompondraikitra, tompon'antoky_ny fari-piainany avy, noho ny SAFIDINY.
Eto ambany ny Récap -n'ny lanjam-piainana 2019-2023.
Na mirongatra ny insecurité, kidnapping,
Na manjaka aza ny abus de pouvoir,
Na mitombo ny chômage,
Na vaky balle ny corruption,
Na mivangongo aza ny fako, tsentsina ny tatatra,
Na mitombo ny délestage, rano tapaka, sns…
Na mandoa vola sy ratsy kalitao aza ny @ hopitalim-panjakana,
Dia hiareto ao.
Aoka izay ilay wawawa; samia miatrika ny vokatry safidiny.

**Rova Kely :** tsy takatry ny sasany zany.

**Murielle Rasoanandrasana:** tsy ekena intsony ny famerenana an-dRajoelina sy ny mbola hampahantrany antsika mandritra ny 5 taona ho avy indray, tsy lasa intsony zany!

**Nathan Rabe :** mbola hiakatra hatrany io rehefa diso safidy eo, ireo fahantrana, tsy fisian'asa,… ireo.

**Fanou Nirina :** efa tena tonga saina tompoko ny olona,tsy clé tsony zany Rajoelina hiverina izany.

**Allan Andriatianarivo :** tongava mifidy e!

**Josi Michellah :** efa elabe no tonga saina ary tena efa vonona ny hiala @ zao fahantrana zao.

**Francis Nj Randrianarisoa :** vahoaka bado, hoy ny foza nihorakoraka teny Atomika omaly hoe: tsy nisy filoha nanome azy tosika fameno, vary iray kitapo, riz cantonnais ho azy ireo hono hatramin'ny 1960.

**Itaos'groupes Itaos'groupes :** ary tam 2008.

**Mamisoa Harifetra :** zakan'ny gasy foana io na 5000 Ar aza ny kapoaka vary. Milamina foana ramalagasy.

**Lalah Andria :** matoa hono mbola io ny sandan'ny ariary mitaha amin'ny euro dia mbola fahaiza-mitantana izany e! Kivy aho. Dia zao lasa basin'ariary fito daholo avy eo.

**Haja Rakotovazaha:** tsy ekena intsony zany mbola hitondran-dRajoelina izany, sady vazaha, no mpandainga, no mpampahantra firenena, no mpampijaly vahoaka: tsy fisian'ny jiro sy rano,…

## ANTENIMIERANDOHOLONA

# Amboletra no nametrahana ny jeneraly Ravalomanana ho filohany

Amboletra no nametrahana ny jeneraly misotro ronono Richard Ravalomanana ho filohan'ny Antenimierandoholona, vita omaly ny fifidianana ho amin'izany, ka senatera miisa 15 amin'ny 18 no nifidy azy. Tsy ara-dalàna ny fivoriana tsy ara-potoana nanaovana izany fifidianana izany, satria toko ny ho 12 andro no anatanterahana fivoriana tsy ara-potoana izany, ary tokony mivory ihany koa ny Antenimierampirenena vao mivory ny etsy Anosikely. Rariny raha any amin'ny kizo ny firenena ankehitriny, satria fitondràna jiolahimboto araka ny tenin'ny kandida Hajo Andrianainarivelo no mitondra eto, na efa lasa nametra-pialàna aza ilay filoha nitantana ny firenena nandritra ny 5 taona dia mbola izy ihany no mibaiko ireo rehetra teo am-



***Ny filohan'ny Antenimierandoholona vaovao, natao amboletra ny fametrahana azy.***

bany fahefany hanatanteraka izay tiany atao. Raha ny zavatra niseho tao anatin'ny andro vitsy dia izay miteny sy manambara ny marina dia avy hatrany atao bontolo ny fanesorana azy eo amin' ny toerana misy azy . Nanaovana fiantsoana ireo loholona hivory tsy arapotoana na tsy voafaritry ny lalàna aza izany . Tonga dia voaroaka ary nesorina manta ilay filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa . Nesorina teo amin'ny toerany , ka nosoloina ilay jeneraly nalaza tamin'ny fanapoahana baomba Richard Ravalomanana hisolo ny toerany . Asa inona no tiana ahatongavana ? hanaiky mora ny governemanta hiara-hitantana ihany ve sa ity jeneraly malaza ity no asaina mitondra ny firenena indray raha hiverina amin'ny fanapahan-keviny ny HCC, ka hoe ny filohan'ny senat no hitondra ny baolina . Maro ankehitriny ireo fikambanana, fiarahamonim-pirenena , solombavambahoaka no tonga teny amin'ny HCC nametraka fitoriana mikasika ny tsy fanarahan-dalàna asehon'ny mpitondra ; ka dia ho hita eo fa mihazakazaka ny toe-draharaha ankehitriny .

***Helisoa***

## TONONKALO

## Iza marina no marary saina ?

Dia iza àry izany no marary saina ?
Ilay matin'ny tsindry ka dia nitaraina,
Sa ity ilay nifidy ho vazaha taratasy
Kanefa mikiry ho filohan'ny gasy ?

Dia iza àry izany no marary saina ?
Ilay hoe norahonana hatao tapitra aina,
Sa 'lay matin-tseza , namorona paika,
Fa tena maniry ho filoha vonjimaika ?

Dia iza àry izany no marary saina ?
Ilay efa mba vonona sy nantenaina,
Sa 'ty ilay malaza ho nanira-tena
Tahaka ilay biby izay nandeha niantsena ?

Dia iza ary izany no marary saina ?
Ireo adalam-bola izay nokaramaina,
Nanaiky ny « ketrika mirefarefa »,
Sa 'ty ilay noheverina ho tena Mahefa ?

***DADAN'i ZINA (12-10-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rajepa

**Ireo tonga teny amin'ny Fitsarana omaly, nanatrika ny niakaran'ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro tao amin'ny Fampanoavana.**












**Raikitra nandritra ny fivoriana, fa hanao hetsika ny collectif des candidats ao Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoto anio Sabotsy 14 oktobra hanomboka amin'ny sivy ora maraina. Eo sampanana Mangalaza no fotoana hiaingana.**





## NY TENY FIAINANA

*"Ny harena azo amin'ny tsy marina dia tsy mahasoa na inona na inona; fa ny fahamarinana no mamonjy amin'ny fahafatesana."*
***Ohabolana 10:2***

**Barea de Madagascar any Maroc**

# Hiakatra kianja anio sabotsy

Hiakatra kianja anio sabotsy 14 oktobra ny Barea de Madagascar baolina kitra, miatrika « stage » any Maroc ankehitriny ary tonga tany an-toerana tamin'ny alarobia 11 oktobra teo, ka tonga dia nanomboka nanao ny fanomanantena teo amin'ny kianja « Académie Sportive Chabab M» tamin'io andro io. Ny ekipam-pirenen'i Mauritanie no hikatroka aminy ao amin'ny kianja « Stade Bechir Casablanca Maroc» hanomboka amin'ny 9ora sy sasany alina (ora malagasy). Ny fifanandrinana faharoa kosa dia hatao ao amin'io kianja « Stade Bechir » io ihany amin'ny talata 17 oktobra 2023 hanomboka amin'ny 6ora sy sasany hariva (ora malagasy), ka hikatrohany amin'ny ekipam-pirenen'i Bénin.

***Rauinilita***



*Barea octobre 2023 any Maroc.*

**Makis Ladies 7s**

# Lasa any Tunisie tamin'ny alarobia teo

Tamin'ny alarobia 11 oktobra alina teo, no nanainga teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ka hihazo an'i Tunisie ny delegasion'ny rugby malagasy notarihan'ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel, ary ahitana mpilalao miisa 12 ao amin'ny «Makis Ladies 7s », izay hiatrika ny fifaninanana « Qualification aux Jeux Olympiques 2024 » hatao any Frantsa. Ireto avy ireo mandrafitra ny delegasiona : Filohan'ny delegasiona : Rakotomalala Marcel (filohan'ny Malagasy Rugby). Coach : Rakotoarivelo Mboazafy Noé. Dokotera : Rasolomanoa Voahangy. Aide Coach : Amai Aikio. Mpilalao : Bodonandrianina Marie Christine, Mirasoa Fenohasina Joela, Rasoarimalala Claudia, Rasoloniaina Monica, Raharimalala Ginah, Raharimalala Delphine S, Rasoanandrasana Laurence, Razanakiniaina Valisoa Erickah, Fanantenana Zaya Dinaharisoa, Andriatsilavina Oliviane Yvanah, Razanamahefa Tiana Jinah, Hanitriniain Mamy Nirina Olivia.

***Rainilita***



*Delegasiona rugby à 7 vehivavy Malagasy lasa any Tunisie.*

**Ekipa basket 3x3 "Antananarivo"**

# Tamin'ny alarobia teo no nanainga ho any Chine



*Mpilalao basikety 3x3 Antananarivo teny Ivato.*

Tamin'ny alarobia teo no nanainga teny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena teny Ivato, ny ekipa malagasy mpanao basikety 3x3 antsoina hoe : "Antananarivo", ahitana an-dRatia-narivo Livio , Loubacky Rick-Ley, Solondrainy Arnol ary Randriamampionona Elly, hihazo ny tanànan'i Shangai Chine, hiatrika ny fifaninanana basikety "Shanghai 3x3 World Tour Master", ho tanterahina amin'ny sabotsy 14 sy 15 oktobra 2023. Marihana fa ekipa miisa 12 avy amin'ny firenena 8 no handray anjara amin'ity fifaninanana ity, ka ao amin'ny Vondrona C miaraka amin'ny ekipan'i Beijing sy ekipan'i Futian no misy ny Ankoay 3x3 lehilahy Malagasy. Ao amin'ny Vondrona A kosa no ahitana an'i Vienna , Utrecht ary Omaha. Ao amin'ny Vondrona B no misy an'i Liman Huishan Ne, Wuxi ary Saitama Alphas Exe . Ao amin'ny Vondrona D kosa no ahitana an'i Partizan, Ulaanbaatar MMC Energy ary Shinagawa CC Exe.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho rony na akoho romazava indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Azo anaovana fanabeazana haizana ny voana papay

Azo anaovana fanabeazana haizana ny voana papay, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mila mitsako voana papay 7 arahina rano na jus isan'andro mandritra ny 5 andro maha lonaka anao, ao aloha sy ao aoriana ny 14ème jour izany dia tsy hitoejaza ianao. Ny lehilahy koa dia afaka mihinana ity fanabeazan'aizana natoraly ity satria spermicides koa izy. Azo hajanona ny fihinana azy rehefa mitady zaza ianao dia mitoe- jaza tsara vao tsy mihinana azy intsony.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Marolambo distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Marolambo distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marolambo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Renivohitry ny distrika koa ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Misy mpanjono koa ny mponina any Marolambo, ankoatra ny tantsaha, sy ny mpiasam-panjakana. Vokatra any koa ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi.



« COSAFA WOMEN CUP 2023 »

# Ho fantatra amin'ny famaranana izay hadimby ny Zambiana

Ho fantatra amin'ny lalao famaranana ho tontosaina rahampitso alahady 15 oktobra 2023, izay ekipam-pirenena hisalotra ny anaram-boninahitra tompon'ny amboara Cosafa Cup 2023, ka handimby ny vehivavy Zambiana, izay nandrombaka ny amboara farany tamin'ny andiany faha-10 (taona 2022). Amin'ny 4 ora hariva (ora Afrikana Tatsimo), no hanatanterahana an'io lalao famaranana io, izay hialohavan'ny lalao fiadiantoerana faha-3 hanomboka amin'ny 1ora atoandro (ora Afrikana Tatsimo). Hifarana rahampitso izany ity andiany faha-11 amin'ny fifaninana baolina kitram-behivavy ity. Marihana fa omaly zoma 13 oktobra no nanatanterahana an'ireo lalao ankatoky ny famaranana ka nifanandrinan'i Zambie (tompondaka farany 2022) sy Zimbabwé an-daniny ary i Malawi sy Mozambique ankilany.



*Ny ekipa vehivavy Zambiana tompondaka farany (2022).*

**Rainilita**

« Mondial rugby 2023 »

# Anio sy rahampitso no hanatanterahana ny 1/4-dalana

Anio asabotsy 14 oktobra sy rahampitso alahady alahady 15 oktobra 2023, no hanatanterahana an'ireo lalao 1/4-dalan'ny fifaninanana «Mondial rugby 2023 » sokajy lehilahy tanterahina any Frantsa ankehitriny. Fandaharan-dalao amin'izany : Sabotsy 14 : (18h00 ora frantsay)-Pays de Galles # Argentine, (22h00 ora frantsay)-Irlande # Nouvelle-Zélande. Alahady 15 : (18h00 ora frantsay)- Angleterre sy Fidji, (22h00 ora frantsay)- France sy Afrique du Sud.

**Rainilita**



*Ekipam-pirenen'i Fidji baolina lavalava.*

Grand Open Sport Boule Telma 2023

# Roa andro eny amin'ny « Boulodrôme Para Ivato

Mandritra ny roa andro: sabotsy 14 sy alahady 15 oktobra 2023, eny amin'ny « Boulodrôme Para Ivato », no hanatanterahana ny fifaninanana tsipy kanetibe « Grand Open Sport Boule Telma 2023 », izay ho karakarain'ny FSBM tohanan'ny Telma. Ankoatra ny amboara ho azon'ireo ekipa voalohany isan-tsokajy dia hahazo lelavola samihafa ihany koa ireo mpifaninana efatra voalohany amin'ny sokajy « Triplette Séniors » lehilahy, « Triplette Séniors » vehivavy ary « Triplette Jeunes » sy « Triplette Vétérans » handray anjara amin'ny fifaninanana, ka ho 1.500.000 Ar, 800.000 Ar, 600.000 Ar, 300.000 Ar, 200.000 Ar ary 100.000 Ar izany, hisy koa ny hahazo finday F1 Prime sy fahana 100.000 Ar na 50.000 Ar. Anio sabotsy amin'ny 1ora atoandro ny fanipazana ny « bouchon » voalohany hoan'ny fifaninanana sokajy « Séniors » lehilahy ary rahampitso alahady hanomboka amin'ny 8ora 30 maraina kosa ny an'ny sokajy «Sénior » vehivavy, sy « Jeunes » ary « Vétérans ». Marihana fa ho maimaimpoana ny fidirana hijery an'ity fifaninanana ity ho an'ireo izay ho tonga eny Ivato.



*Tsipy kanetibe FSBM.*


**Rainilita**

Manaratsandry faritra Boeny

# Zandary iray lavo tamin'ny fifandonana tamin'ny dahalo

Zandary iray no lavo tamin'ny fifandonana tamin'ny dahalo tany Manaratsandry any amin'ny faritra Boeny. Lavo nandritry ny fifandonana maherivaika tamin'ny andian-dahalo mirongo fiadiana ny zandary Mpianadraharaha, Ambarazafilahy Tsikamo, niasa tao amin'ny CSAO Mahajanga, ny alin'ny 12 hifoha omaly 13 oktobra no nitrangan'izany, tao amin'ny tanàna atao hoe Kompany, fokontany Bemahogo, kaominina Ankaraobato distrikan'i Marovoay.
Mitohy ny fanarahan-dia an'ireo dahalo ary nanamafy ny Kolonely Komandin'ny Vondron-tobim-pileovana Boeny, fa tsy maintsy ho tratra ireo nahavanon-doza.

**Stefa**



*Ilay zandary lavo tany amin'ny faritra Boeny.*

Filoha vaovaon'ny FMF

# Ho fantatra anio ny handimby an'i Arizaka Rabekoto Raoul

Ho fantatra anio sabotsy 14 oktobra 2023, eny amin'ny hotely Novotel Ivandry hanatanterahana ny fivoriambe AGE « Assemblée Générale Elective FMF », izay ho filoha vaovao hitantana ny FMF «Federation Malagasy de Football » handimby tanteraka ny filoha teo aloha Arizaka Rabekoto Raoul. Mazava loatra fa ny « Commission électorale FMF » tarihan'ny filohany, Ramatoa Ralavarisoa Beby Fabienne, no hitarika an'izany fifidianana izany. Ho fidiana aorianan'izany ihany koa ireo mpikambana vaovao handrafitra ny Komity Mpanatanteraky ny FMF. Tsiahivina fa miisa 5 ireo kandidà eo amin'ny toeran'ny filohan'ny FMF dia Rakotomamonjy André Neypatraiky, Rakotomalala Stanislas, Wilson Douglas Astina, Andrianony Victorien ary Randriamanampisoa Alfred. Miisa 49 kosa ireo hifidianana ny 10 handrafitra ny CE FMF vaovao.

**Rainilita**




*Ny filoha teo aloha Arizaka Rabekoto Raoul.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**07/10/2023 hatramin'ny 14/10/2023**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 78 355 09 / 034 34 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50 / 033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51 / 034 89 056 09 / 020 85 255 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69


**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1483-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MORONDAVA**

# Mbola ho nofinofy ny tsy hisian'ny delestazy



*Ny Prefet sy ny talen'ny Jirama Morondava ary ny tompon'andraikitry ny GES.*


Tsy ampy ny herinaratara izay avy amin' ny GES mpamokatra ny herinaratra haparitaky ny JIRAMA Morondava faritra Menabe, satria amin'izao fotoana izao ny Jirama Morondava dia efa tsy mamokatra herinaratra intsony, fa ny GES no mamokatra izany, fa mitsinjara sisa no ataon' ny JIRAMA dia manangona facture ; raha ny zava-misy hatreto dia mbola nofinofy ho an'i Morondava izany ho foana izany ny délestage, satria dia 25,6% ny filan'ny mponin'i Morondava ihany no herinaratra vokarin'ny GES satria ny 2500KW na 2,5Mw no filana ampy ho an'i Morondava dia tsy misy afatsy 640Kw na 0,64 MW fotsiny, no vokatra afaka omena ny mponin'i Morondava, ka dia inona moa izany, fa dia toy ny lakan-dranon'i Dabaraha ihany ny olan'ny délestage eto Morondava, ka sarotra ny hino sy hisy fahagagana hahafoana ny délestage eto Morondava izany, satria dia mbola andalam-pamitana ny centre solaire eny Kimony izay mahagaga ihany satria efa notokanan'ny filoha teo aloha Andry Rajoelina tamin'ny 30 Aprily 2022 lasa teo ity centrale solaire ity nefa dia mbola tsy vita sy afaka miasa tsara akory fa mbola ny centre Thermique, izany hoe mbola ireo groupe no mamokatra ny herinaratra ho an'i Morondava araky ny fanazavana izay nataon'Andriamatoa Rakotoarisoa Andriamilanto Radoniaina Responsable bureau d'études GES . Fitaka sy lainga izany ary fampandriana adrisa fotsiny ny fihetsika izay nataon'ny filoha teo aloha Andry Rajoelina izay nilaza fa ho foana ny delestage eto Morondava, fa izao navoakan'ny teknisianina izao ny marina ; tsy hisy vahaolana ho an'ny delestage eto Morondava afatsy ny fampiakarana ny vokatra herinaratra eto Morondava farafaharatsiny, mba hitovy amin'ny filan'ny mponina izany hoe tokony hamokatra 2500KW izany ny GES hatolotra ho an'ny Jirama farafahakeliny io, ary tokony ho ambonin'io satria tokony hanana ambim-bava koa ny Jirama nohon'ny filan'ny mponina mitombo isan'andro . Nosoloina ireo groupe ny JIRAMA, satria efa rereka ; noho izy mitondra vesatra tsy zakany no isan'ny mahatonga ny faharerahana sy fahasimbana matetika misy amin'ny Jirama Morondava, satria dia zara raha misy ampaha-dimin' ny filan'ny mponina ihany no vokatra misy na dia efa miezaka mandamina amin'ny alalan'ny fanapahana ireo faritra sasany aza ny Jirama, izay mifandimby dia mbola misy ihany ny fahatapahana tampoka ho an'ireo faritra mandeha satria tsy mahazaka ny Jirama. Vokany maro ireo fitaovan'ny mpanjifa no simba eo koa ny fatiantoka ara-barotra satria dia maro ireo mpandraharaha no mila jiro raha tsy hiresaka afatsy ireo mpandraharaha miantsehatra amin'ny fanangonana hazan-drano sy ireo Gargotte isika, satria ny faritra Menabe dia isan'ireo faritra mafana, ka ny zava-pisotro mangatsiaka no maro mpitady sy mpivarotra indrindra, ireo mpivarotra ranomboan-kazo izay azo lazaina fa mamelona fianakaviana maro.

***Rajepa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 446**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0445)

***Mitsivalana***
- Rahavavy
- Ireny
- Vinavina
- Osa – Tany (miv)
- TV – Ony (miv)
- Rerak(a) – TD
- Atao – Toy

***Mitsangana***
- Rivotra
- Sira (miv) – Te (miv)
- Henatra
- Ana – Vao
- Vivy
- Iny
- Vinanto
- Atody

## TENY MIFANAPAKA N° 446




**Mitsivalana**

**1.** Fanomezana an-tsitrapo **2.** Tsirin-teny Iharana – Solfa **3.** Lalao farany ahitana izay tompondaka **4.** Mpimasy – Efatra Romana **5.** Bibkely – Lio – Tsy sahy intsony **6.** Atao milahatra tsara – Kilaometatra **7.** Tendron'ny fandrefesana - Miaraka amin'ny atsy **8.** Fotoana – Taova **9.** Niasa – Fitsaboana **10.** Mari-bola – Natsahatra (miv)

**Mitsangana**

**A.** Sampana ao amin'ny finoana **B.** Hazandrano **D.** Nanatsara ny simba **E.** Milaza fananana – Karazana mofo (BR) **F.** Tsy salama – Toerana **G.** Raharaha ataonao **H.** Hita eo amin'ny lakroa (miv) – Fiandohan'ny aretina – Marina (miv) **I.** Aiza – Matoanteny (miv) **J.** Nisondrotra ambony **K.** Misokatra (miv) – Tampisaka (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0445

**Mitsivalana**

**1.** Fanorenana **2.** Iva - Enina **3.** Rina - Toy (miv) **4.** Naoty - Foza **5.** Ro - Sakay **6.** Roa - (S)aina **7.** Antitra - SG **8.** Niala - Ota **9.** Navela **10.** Ovay - Monja

**Mitsangana**

**A** Fianaranao **B.** Avia - Ony **D.** Nanoratana **E.** Ato - Ilay **F.** Re - Vata (miv) **G.** Eny - Sir(a) **H.** Niofana - Lo **I.** Antoka - Nao (miv) **J.** Na - Za(to) - ST **K.** Haingana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà 11 niainga teny Ampasika ny alakamisy teo.









Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà 11 tany Ampasampito, Anjanahary sy ny manodidina omaly.







